


DER LANDESBISCHOF
DER EVANGELISCH-LUTHERISCHEN KIRCHE IN BAYERN
Dr. Heinrich Bedford-Strohm



Ostern 2020

Ry Rahalahy sy Anabavy,

Mamelà ahy ianareo mpikambana amin'ny ELKB – Evangelisch-Lutherische Kirche in Bayern – raha hampiasa izany ho fiarahabana antsika amin'izao fotoana ny Paska izao ny tenako. Ampahatokiana tanteraka no nifidianako izany teny izany na eo aza ny trangan-javatra mitondra korontana ho an'ny fainantsika ankehitriny. Trangan-javatra izay mbola tsy fahita sy nitranga hatramin'izay. "Velona Jesosy!" – izany no antsotsika amin'izao fankalazana ny Paska izao, toy ny isan-taona rehetra ihany. Mampalahelo anefa fa tsy afaka mankalaza izany andro fifaliana izany miaraka amin'ny fiangonantsika isika. Izay fepetra tsy azontsika idivirana, antoka hisorohantsika ny loza ka hiaro ny fainantsika ary indrindra ireo mpiara-mivavaka amintsika somary marefo. "Fifampsitsinovana", izay zava-dehibe amintsika ihany koa.

Sanatria anefa raha manala ny hafaliana eo amintsika izany. Hafaliana izay entin'izao vanin'andron' ny Paska izao. Izao fotoana izao dia ahatsapantsika, fa tsy voafetra ny fifaneraserantsika, eny hatramin'ny fiarahantsika mivavaka aza, noho ny firoboroboan'ny fifandraisana. Azontsika atao noho izany ny manaraka fotoam-pivavahana ampitoniana, lavity ny tahotra noho ny areti-mifindra. Izao tranga izao dia miteraka ihany koa fanahiana sy tahotra mafy ho an'ny tsirairay indrindra raha ny ara-toe-karena no banjinina. Izany anefa dia tombony ho antsika, satria dia azontsika tsapain-tanana ny "Tena Vaovao Mahafaly" izay entin'ny Paska amin'izao trangan-javatra lalovantika izao. "Tsy misy ny Paska, raha tsy misy ny fahafatesana izay nitranga ny Zoma Masina." Ny fifalian'ny Paska, dia tsy fifaliana mandalo ka maharitra andro vitsivitsy monja, fa kosa Fifaliana mitoetra sy lalim-paka satria nandalo ary nandresy tahotra, fangirifiriana ary fijaliana.

Manamarika ahy manokana amin'ny Paska 2020 ny tantaran'ireo roalahy mpianatr'i Jesosy izay very hevitra tanteraka raha nahare ny vaovao ratsy fa "foana ny fasana". Noho izany dia nandao an'i Jerosalema izy ireo ka nandeha nihazo ny tanànan'ny Emmaus. Toy ny manjò antsika amin'izao fotoana izao, dia roa lahy ihany izy no miandalana. Very tanteraka ny fanantenan'izy ireo, tsy manana itokiana intsony izy ireo. Hanao ahoana re ny fainana aorian'izao loza izao eh? Toa ho sarotra ny hiatrehana indray ny fainana andavan'andro. Maizina tanteraka ny amin'izy ireo. Tampoka tamin'izay anefa, dia indro misy olona nihazo azy ireo, ka niray làlana

tamin'izy ireo. Olona izay toa tsy mahafantatra ny fisian'ny "tsy tokony hiharo haroana amin'ny olona sasany", olona izay mametraka fanontaniana maro ary anefa ihany koa olona mihaino alohan'ny hitenenany. Ny fihaonana tamin'ity farany dia hambaran'izy roalahy fa "nanafana ny fòn'izy ireo". Tsy no hitany Jesosy izay nihaona taminy, tsy no fantany fa Jesosy no nihaona taminy. Fa kosa no tsapany fa niray làlana taminy ny Tompo. Ka teo indrindra izy ireo no nahatsikaritra fa: "Jesosy, llay voafantsika tamin'ny hazo fijaliana, voafatotra tamin'ny fahafatesana, dia velona ka mitoetra eo amin'izy ireo."

Maniry indrindra aho ho antsika tsirairay avy, mba ho Paska fihaonana amin'ny Tompo ny Paska 2020. Fihaonana izay manamarika ny fiainana iray manontolo. Andao isika samy handrehitra labozia anankiray avy, ka hahatsapantsika izany. Ny Fahazavana izay entin'ny Paska dia taratry ny Fitiavan'Andriamanitra, izay mahery indrindra noho ireo sakatsakana izay mety hisy eo amin'ny fifandrais'an'ny samy olombelona. Ny Fitiavan'Andriamanitra dia ao anatintsika ka azontsika tsapain-tàhana ihany koa.

Izany mariky ny Fitiavana izany, izay ifampizaran'ny olona amin'izao fotoana izao, na eto amin'ity firenena ity izany, sy ny manerana izao tontolo izao, dia mahatonga ahy ho resy lahatra tanteraka, fa hivoaka ho mpandresy isika rehefa lasana izao fotoan-tsarotra izao. Ka ny fahalementsika dia hody hery noho ny amin'ny Tompo. Ka amin'ny Finoana, Fitiavana ary Fanantenana no iantsoantsika mafy fa: "Velona Jesosy!"



Dr. Heinrich Bedford-Strohm
Landesbischof

